MANANASY

Karazany

- ***Cayenne***: lehibe ny voa mihoatra ny 2kg
- ***Victoria queen***: Antoniny ny voa 1kg eoho eo sady mahatanty aretina
- ***Spanish:*** lehibe ihany ny voa , eo amin'ny 1,5kg eo ho eo
- ***Abacaxi:*** 1,5kg mahery

Avy anyAmerika atsimo ny fiaviany
Marefo dia marefo ny fakany

1-/ ANKAPOBENY

1.1-/ Toe-tany

- Tany maivana azon-drivotra sady mitsihi-drano.
- Be azota, potasy, manesioma, sokay, fosiforo ary roka.
- Tany tsara rafitra nefa kely ny mineraly ao aminy.

1.2-/ Toetr'andro

- Mila hafana ary matahotra fanala.
- Tsy mahazaka rano miandrona mihoatra ny 2 andro.
- Mila tara-pahazavana betsaka.
- Maripana sahaza: 12-25°C.
- Rotsak'orana ilaina: 1200-1500mm isan-taona.

2-/ Fambolena:

2.1-/ Fifantenana zanaka mananasy:

- loha mananasy: tsiry na solofo eo ambanin'ny voa (bulbille).
- tsiry na solofo eo ambanin'ny taho (cayeu).
- tsiry na solofo eo anelanelan'izy roa ireo .
- fantenana arakaraka ny habeany sy ny lanjany izy ireo 350-500g.

2.2-/ Fikarakarana ny tany:

- Tanety na tehezan-tanety no hambolena azy.
- Raha tany vao dia atao aloha ny vaky tany ary tsy dorana ny bozaka fa alevina.
- Vadik'asa in-droa no atao(25-30sm).
- Aravina tsara .

2.3-/ Fandavahana:

- Misy fomba roa :
  - ***lavaka*** :40X40X30sm ary mielanelana 80-100sm
  - ***tatatra mielanelana*** 80-100sm ary 60sm ny velarany sy ny halaliny
- Raha toaka efa nisy voly mananasy teo aloha dia eo anelanelany indray no lavahana na tatarina , mielenelana 40sm ny zanaka mananasy

2.4-/ Fotoam-pambolena:

- Novambra (300g no lanjany tsiry na solofo)
- Desambra (500g no lanjany tsiry)
- Janoary (700g no lanjany tsiry)
- Volana Marsa –May no miakatra ny vokatra
- May-Jona(300g no lanjany tsiry na solofo)
- Jolay-Aogositra (500g no lanjany tsiry)
- Miakatra novambra –desambra ny vokatra
- Tsy alevina lalina loatra ary tsy tokony ho totorana ny ravina

2.5-/ Fikojakojana

- Fandrakofana bozaka eny anelanelan'ny tsipika misy mananasy
- Soloina ny maty
- Havaina tsara ary somary hevoina kely
- Raha tiana hanome vokatra haingana dia mampiasa "acetylène": maka 50-60g carbure de calcium arotsaka anaty rano 15l; rehefa vonona dia tonga dia ampiasaina ary tondrahana amin'io ny aty ravina ka efatran'ny sotro lehibe isam-pototra no atao na 1 boaty madco atao amin'ny maraina be na hariva ny fanaovana azy.
- Atao isan'ambaratonga ny fanaovana azy mba hielanelana ihany koa ny vokatra miakatra fa tsy indray miaraka.
- Miseho ny vonony 45-60 andro aorian'izay
- Esorina ny tsiry herinandro vitsivitsy mialohan'ny fahamasahana
- Rakofana bozaka ny voa mba tsy hitanin'andro be loatra ka hanimba azy
- Alevina tsara ny zezika
- Tsy ilaina loatra ny fampiasana zezi-bazaha

3-/ VOKATRA

3.1-/ Fiotazana

- Vokatra voalohany: 1,5-2 taona aorian'ny nambolena azy
- Aty anivon-tany dia janoary sy Marsa no betsaka miakatra ny vokatra

3.2-/ Fiterizana

- Azo akana rano na tetehina ny mananasy ary atao ambifotsy

4-/ ARETINA SY FITSABOANA

4.1-/ Tsy fahampiana

4.1.1-/ Azota

- Mavo ny ravina
- Miadana ny fitombony

- Marefo ny zava-maniry
- Tsy misy tsiriny

4.1.2-/ Potasy

- Mavo ny ravina sady ety no fohy
- Misy faritra miova loko tanteraka eo amin'ny ravina
- Kely ny voa sady tsy manitra

4.1.3-/ Manesioma

- Mangana ny foto-dravina
- Mandazo haingana

4.1.4-/ Sokay

- Misy tsipika sy faritra miova loko eo amin'ny aty ravina
- Maina ny sisin-dravina

4.2-/ Fiarovana sy fitsaboana

- Mitondra zezi-pahitra sy dolomie

4.3-/ fahaloavana

- Lo ny fony na ravina na foto-dravina ary mihidina any amin'ny faka.
- Tany tsy mitsihi-drano no ahitana azy.
- Atsoboka ao anaty ranomisy Orthocide1% ny fakan'ny tsiry hambolena

4.4-/ Olatra mamely ny ratra

- Lo avy eo ny tsiry , ny taho, ny ravina ary ny voa.
- Tsy andrasana homasaka loatra ny fiotazana

4.5-/ Matroka ny masony

- Vokatry ny bakiteria mihiditra amin'ny voa mandritra na aorian'ny famoniana.

4.6-/ Lo ny voa

- Lo sy misy ranoka mitsika sady misy fofona mivoaka.

4.7-/ Malazo

- Vokatry ny virosy
- Malazo haingana ny zava-maniry vokatry ny poizina ateraky ny varangambitsika
- Oléoparahene 1%, 15 andro alohan'ny fambolena

4.8-/ Valalakely,voalavo

- Mihinana ny vokatra
- Fametrahana fandrika

4.9-/ Varangabintsika na pondy

- Mitsentsitra ny hazo ka mahatonga azy ho reraka
- Esorina ny simba

4.10-/ Kankana bitika

- Bokaboka ny faka
- Miadana ny fitombony

4.11-/ Maina ny ravina

- Esorina sy dorana ny simba